
# 01 novambra 2024 Fankalazana ireo olomasina



Ry Kristianina havana, amin'izao voalohan'ny volana novambra izao no ankalazan'ny Eglizy amin'ny fomba manetriketrika ireo olomasina rehetra. Ny antony dia tsotra ihany satria tsy izay voasoratra ao amin'ny kalandrie mahazatra antsika ihany no olomasina fa izay miombona amin'Andriamanitra nandritra ny fiainany ka izay niainany teto ihany koa no iainany any ankoatra ka miombom-piainana miaraka amin'ny anjely midera an'Andriamanitra ireo havantsika olomasina sady reharehantsika satria tody soa aman-tsara any izy no sady voninahitr'Andriamanitra. Izany tokoa no anton'ireny fankalazana ireny, ny fankalazana ny olomasina dia ny fankalazana ny voninahitr'Andriamanitra satria ireo olomasina ireo tsy hoe izy ireo no mendrika fa nandray an'Andriamanitra izy ireo, nantsoin'Andriamanitra hiombona aminy ka nomen'Andriamanitra fahasoavana manokana ho fanehoana ny voninahiny satria ny antony voalohany indrindra ny fiainan'olomasina dia fanomezam-boninahitra Andriamanitra. Masina tokoa izay miombona amin'Andriamanitra.

**Vakiteny I :** Apôk. 7, 2-4. 9-14
**Tononkira :** Salamo 23
**Vakiteny II :** 1 Jo. 3, 1-3
**Evanjely :** Mt. 5, 1-12a

Ny faharoa dia manambara amintsika fa ohatra velona ho antsika izy ireo fa afaka niaina niaraka tamin'i Kristy izy ireo tamin'ny fiainany ka tafiditra amin'ny voninahiny. Modely ho antsika izy ireo eo amin'ny ezaka ataontsika amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra na dia samy manana ny fomba ivelomana an'izany aza ny tsirairay.

Ny fahatelo araka ny tonom-bavaka atao : “Ry Andriamanitra Rainay ô, nomenao anay ity andro ity hanomezana voninahitra ny olomasina rehetra tsy tambo isaina mivavaka ho anay mba hahazahoanay ny famindram-ponao. Sambatra isika fa manana mpivavaka”.

Ao anatin’ny fanatanterahana ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 isika ary avy nankalaza ny Kongresy Eokaristika izay nandraisantsika fampianarana maro mikasika ireny Olomasina niara-dalana tamintsika ireny fa indrindra ny Olontsambatra Carlo Acutis ary nandinika ny fiainan’I Olts Lucien Botovasoa satria nanantena ny fanambarana azy ho Olomasina…. Noho izany tena ilaina tokoa ny mibanjina ireo Olomasina satria tsy inona tokoa ny tanjon’ny Sinaody fa hanampy antsika hiombona amin’Andriamanitra. Marina tsy “possible” ny hanao “copie coller” ka izay niainan’ireo Olomasina no hianarantsika alaina tahaka. Na izany aza ny fomba niainan’izy ireo manampy antsika handalina ny finoantsika satria olombelona tahaka antsika izy ireo nefa nanaiky hampiasain’ny fahasoavan’Andriamanitra ka nihavao ka zary VAVOLOMBELONA, IRAKA. Hitantsika taratra avy amin’izy ireo ny atao hoe finoana. Araka ny averimberintsika ny finoana dia tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka iasan’ny fahasoavan’Andriamanitra. Tany lonaka tokoa ireo olomasina ka namokatra ny fahasoavan’Andriamanitra. Hitantsika amin’izy ireo ary izany no mahasamihafa azy ireo ny atao finoana velona. Tsy finoana an-kandrina na finoana entim-pahazarana fa finoana tokoa.

Raha mahatsikaritra isika na ny Sinaody Iombonana eran-tany na ny Sinaodintsika eto amin’ny diosezy dia mitondra amin’ny fanirahana izany hoe ho VAVOLOMBELONA, MISIONERA, ho TABERNAKLA VELONA. Izany tokoa ireo Olomasina vavolombelon’ny fitiavan’Andriamanitra.

Ireo vakiteny aroson’ny Eglizy androany dia manampy antsika hibanjina ny voninahitr’Andriamanitra miaraka amin’ireo olomasina ka manomana antsika dieny izao hivelona tahaka azy ireo. Atolotry ny Evanjely amintsika ny torolalana ahafahantsika ho tafita tahaka azy ireo, izany hoe ilay fahasambarana valo izay norenesintsika tamin’ny Evanjely.

Ny vakiteny voalohany taratasin’i Md Joany na koa ny Apokalipsa dia maneho amintsika ny fiainan-ko avy. Tsy tambo isaina ireo olomasina any an-danitra any ka samy tretrika tokoa ireo olomasina ireo araky ny tononkira fanaontsika, sambatra sy tretrika izy ireo, izany no lazain’ny vakiteny voalohany. “Efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy” izay tandindon’ny isa roa ambin’ny folo ampiana arivo ka mameno izay isa izay efatra arivo, tsy izay no isa fa tandindon’ny hafenoana, tonga any daholo ny fianakavian’Andriamanitra izany hoe izay miombona amin’Andriamanitra ka manao vavaka sy fiderana ary fisaorana izy ireo. Manao akanjo fotsy ary mihoby an’Andriamanitra miaraka amin’ny anjely, izay no miandry antsika raha miombonam-piainana amin’Andriamanitra isika. Tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny fitiavan’Andriamanitra.

Antitranterin’i Md Joany ao amin’ny vakiteny faharoa izay manambara fa lehibe tokoa ny fitiavan’Andriamanitra antsika, Ray be Famindram-po Izy ka dia miantso antsika miombona aminy Andriamanitra, miantso antsika ho zanany izy ary dia zanany tokoa isika. “Ry hava-malala, zanak’Andriamanitra isika ankehitriny, nefa mbola tsy naseho izay ho tena toetrantsika; fa amin’ny andro hampisehoana izany, dia fantatsika fa hanahaka Azy isika, satria hahita Azy araka ny tena toetrany.” Noharian’Andriamanitra mitovy endrika aminy isika, ho tanteraka izany ao amin’ny fiainana mandrakizay ao amin’Andriamanitra satria miombona tanteraka aminy isika, izany no

dikan'ny masina. Masina izay rehetra miombona amin'Andriamanitra, ilay toetra nananantsika hatramin'ny voalohany noharian'Andriamanitra antsika dia ho tanteraka rehefa tonga any amin'ny fiainana mandrakizay isika. Io ny vôkasiontsika hatramin'ny voalohany ho OLO ARAIKY AMIN'ANDRIAMANITRA , HO FIANAKAVIAN-JANAHARY, ho FRATTELI TUTTI, ho MPIRAY TAMPO.

Raha te-hahazo ny hasambarana isika izany hoe miombona amin'Andriamanitra dia ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjely ny làlana mankany amin'ny hasambarana, io no fakafakain'ny Papa amin'ny taratasiny miantso amin'ny fahamasinana. Antsoin'Andriamanitra amin'ny fahamasinany isika, ireo toetra ao amin'i Jesoa ao amin'ny hasambarana valo no làlana izorantsika mankany amin'ny hasambarana izany.

Alohan'ny resaka rehetra dia tsy "fananana", tsy "zavatra hanana" ny hasambarana. Tsy araka ny fihevitr'izao tontolo izao izay fananana no refy raha resaka hasambarana. Raha ny hevitr'Andriamanitra ny hasambarana dia toetra tsara hananana, toetra mifanaraka amin'I Jesoa. Izany no nahatonga ny mpandalina taty aoriana nilaza ireo hoe "torohevitry ny Evanjely."

Inona àry ireo hasambarana ambaran'ny Evanjely ? tsy valo fa mamintina azy ny hasambarana fahasivy dia ny hoe sambatra ianareo raha tevatevaina sy enjehina ary ampangaina lainga noho ny amiko, mifalia sy miravoa ianareo fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra.

Io ny fahasivy izay mamintina ny hasambarana valo voalaza. Lazain'i Jesoa sy atolony antsika ny làlan-kombana, toro-làlana no omeny hahafahantsika ho tody any amin'ilay hasambarana voalazantsika teo. Voalaza matetika amin'ny fiheveran'izao tontolo izao satria tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao ny hasambarana voalazan'i Jesoa fa mitondra antsika amin'ny fiainana mandrakizay, ny an'izao tontolo izao dia miafara amin'izao tontolo izao, tian'ny Eglizy asongadina izany androany, ny hasambaran'izao tontolo izao dia mandalo miserana, mihelina avokoa, mandalo izao hasambarana izao ka mamitaka antsika ireny rendrarendra ireny. Ny hasambaran'izao tontolo izao dia hasambarana miainga amin'ny fananana, ny hasambarana torin'i Jesoa dia ny toetrantsika izay iezahantsika hananana ny endrika maha zanak'Andriamanitra antsika. Io toetra io no hiezahantsika, marina fa mifanohitra amin'izao tontolo izao izay toetra manangona vokatry ny fitiavan-tena ka manilikilika ny hafa, fa kosa ny toetra tahaka ny ananan'ireo olontsambatra Victoire, Lucien, Rafiringa izay toetra maha zanak'Andriamanitra izany dia tena mifanohitra amin'ny hevitra izao tontolo izao. Ny fampianaran'I Jesoa narahin'izy ireo dia manoro fa tsy maintsy maty ny voa nafafy vao mitsiry ka mamokatra. Izany hoe tsy maintsy mandalo amin'ny fahafoizana sy fanompoana tahaka niain'i Jeosa hatramin'ny fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana fa nadresy ka nitsangan-ko velona.

Sambatra ny mahantra am-panahy fa azy ny fanjakan'Andriamanitra, lazain'i Jesoa io raha nanome tsodrano ireo ankizy izy satria ireo tsy mirehareha na mipoerapoera fa matoky an'Andriamanitra, matoky ka manana ny toetra maha zanak'Andriamanitra isika mitoky aminy.

Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy, tsy manao herisetra fa manana fanetren-tena, manana fitiavana manokana izany ka tia ny hafa, tsy manapotika ary dia fantantsika izany fa mandova ny tany. Hitantsika ireo fanapotehana vokatry ny herisetra, raha tiantsika ny ho sambatra dieny izao dia halemy fanahy isika ka hanaja ny tontolom-piainantsika.

Sambatra izay mitomany fa halàna alahelo, sambatra izay mikatsaka ny mpanafaka alahelo ary tokana ny mpanafaka alahelo dia Andriamanitra Ray be famindram-po ka matoky an'Andriamanitra, tahaka ny nolazain'i Jesoa an'ireo zaza nomeny tsodrano.

Sambatra izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, ny marina no maha olona afaka antsika, izay manao no marina no mendrika, ary izany no hahazoantsika fahendrena, ny fahendrena dia I Jesoa Kristy.

Sambatra ny mamindra fo  fa hamindrana fo izy, lazain'ny Papa matetika fa tsy hisy ny fandriam-pahalemana sy ny fihavanana marina raha tsy misy ny famindram-po sy ny famelan-keloka, raha te ho sambatra isika sy hahazo ny fiadanana marina dia aoka ho vonona mamindra fo amin'ny manodidina antsika.

Sambatra ny madio fo hahita an'Andriamanitra izy, io ilay toetran'i Masina Maria sy toetran'ny zazakely miombona tanteraka amin'Andriamanitra, io no voalazantsika tamin'ny famakafakana ny taratasy nosoratan'I Md Joany.

Sambatra ny tia fihavanana fa antsoina hoe zanak'Andriamanitra izy satria ny fihavanana marina torin'i Jesoa ka nanolorany ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana dia tsy misy fihatsaram-belatsihy, raha izany fihavanana izany no iainantsika dia ilay tena fihavanana mampiombona fa tsy ny fihavanana atero ka alao. Ny fihavanana ambaran'i Kristy no tena izy. Io no itovizantsika endrika amin'Andriamanitra ilay naharian'Andriamanitra antsika. Ny fihavanana sady kristianina no malagasy, hoy isika tamin'ny KEN 2024, no hanasitrana an'izao tontolo izao

Sambatra ny miaritra ny fanenjehana noho ny marina fa azy ireo ny fanjakan'Andriamanitra, ny fanaovana ny marina no mampiombona antsika amin'Andriamanitra ka noho izany mitondra antsika amin'ny fahasambarana maha zanak'Andriamanitra.

Ry Jesoa ô ambaranao anay ireo toetra tsara hananananay mba hahazoanay ny hasambarana, mankasitraka anao izahay ry Jesoa noho izany fahasoavana nomenao anay amin'ny alalan'ireo vavak'ireo olomasina izay manambara fa ao aminao ihany no tsy maintsy hiafaranay raha miombona tanteraka aminao izahay araky ny voalazan'I Md Augustin, tsy tony ny fonay raha tsy ao aminao. Noharianao hitovy endrika aminao izahay ka ampianaro izahay ho tena taranaka manorina tokoa, manorina fianakaviana Eglizy kely mifanasoa sy mifampitsimbina ka mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana entina hanarenana indray ny Tranobe Iombonana izay efa tena robaka sy potika. Ho tody soa aman-tsara any an-danitra anie izahay jiaby ka hankalaza sy hidera an'Andriamanitra miaraka amin'ireo olomasina. Eo am-panaovana izao Sinaody faha-7 fijanonana faha-3  izao izahay izao, mikatsaka izay lalana mazava ka ny Fanahinao Masina anie hampiombona anay tokoa ka hahatonga anay handray an-tanana sy tena iraka vavolombelona zary Tabernakla Velona. Ampio izahay Masina Maria Mpanjakavavin'ny Olomasina hivelona ny Bateminay ka hanaraka anao hahafoy ary hanompo fa izay no azo hamintinina ireo hasambarana valo torin'I Jesoa Zanakao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy erantany, tantano ny Eglizy Miara-dia, Eglizy Olo miombona mandray an-tanana zary Iraka Tabernakla Velona. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson